



**Nataon'i David L. Beck**  
Filohan'ny Zatovalahy Maneran-tany

# Ny Hakanton'ny Fisoronana Aharôna

*Am-pahamehana no ilaina hanatanterahanareo ny adidinareo amin'Andriamanitra. Matoky abo fa hanao izany ianareo.*

Voninahitra ho ahy ny hiresaka amin'ny zatovalahy mahafinarity ny Fiangonana. Fitahiana ho ahy ny nihaona tamin'ny ankamaroanareo nanerana an'izao tontolo izao. Mamindra ny fahazotoanareo.

Amin-kery sy amim-pahasahiana mahatalanjona tokoa no iatrehanareo ny fanamby iainanareo. Maneho ny fitiavako sy ny fahatokiako anareo aho.

Mitaona fanahy ny olona manodidina anareo mihoatra noho izay heverinareo ianareo. Henoy anie ny tenin'ny zatovalahy iray izay tsy iray finoana amintsika, teo am-pamaritany ilay namany izay mihazona ny Fisoronana Aharôna: "Tsikaritro fa misy zavatra mampiavaka an'i Luis. . . . Tsy mitovy amin'ny olona rehetra . . . ity zatovalahy ity. Toa zavatra hita eny aminy fotsiny izany. . . . Tsy fantatro akory hoe inona, saingy hafa noho ny rehetra izy. Zavatra tsapa ilay izy; fa tsy [zavatra] . . . hita maso. Tsapanao fotsiny ilay izy."

Misy zavatra iray manan-danja mampiavaka an'i Luis sy ianareo amin'ireo zatovalahy hafa. Nandray ny Fisoronana Aharôna ianareo. Fanomezana sarobidy izany kanefa maro no tsy mahatakatra izany tsara. Anio hariva aho dia hanampy anareo hahita ireo hakanton'ny Fisoronana Aharôna.

## I. Matoky Anareo Andriamanitra

Rehefa manome amim-pahatokiana ny Fisoronany masina Andriamanitra, dia mampiseho aminareo fahatokiana tanteraka. Fantany fa afaka matoky anareo Izy amin'ny fampiasana ny fisoronana hanompoana ny hafa, tahaka ny fametrahany fitokisana ireo zatovalahy hafa hanao ny asany lehibe sy manan-danja sasany.

Ohatra, tsy ho nahazo ny fijoroana ho vavolombelona matanjaky ny Bokin'i Môrmôna momba an'i Jesoa Kristy izao tontolo izao raha tsy name-traka ny fitokiany tamin'ny zatovalahikely roa Andriamanitra. I Môrmôna, mpaminany izay nanambatra ny takelaka masina, dia vao 10 taona monja raha notendrena hihazona izany ary taty aoriana nirakitra ny tantaran'ny vahoakany. Teo amin'ny faha-15 taonany dia "novangian' ny Tompo sy nanandrana ary nahafantatra ny amin' ny hatsarampon' i Jesoa" izy (Môrmôna 1:15).

Nandika sy namoaka ny Bokin'i Môrmôna i Joseph Smith, izay nantsoina tamin'ity asa lehibe ity teo amin'ny faha-14 taonany, rehefa avy notsidihan'ny Ray any an-danitra sy Jesoa Kristy.

Nilaza ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Zavatra goavana no andrasana

aminareo. . . . Antso ho anareo, ho ahy ary ho an'ny mpihazona ny fisoronana na aiza misy azy na aiza ny tenin'ny Tompo hoe: 'Koa ankehitriny, aoka ny olona tsirairay hianatra ny andraikiny ary hiasa amin' ny zotom-po rehetra ao amin' ny anjara fanompoana izay anendrena azy' (F&F 107:99)" ("The Call for Courage," *Liabona*, May 2004, 54, 57).

## II. Ilay Fandaharan'asa Vaovao Adidy amin'Andriamanitra

Mba hanampiana anao hitondra anjara biriky amin'izany antso maika izany dia manolotra fandaharan'asa vaovao Adidy amin'Andriamanitra (Devoirs Envers Dieu) ny Fiangonana, araky ny filazana nataon'ny Filoha Henry B. Eyring azy androany. Tena tsy andriko ny ampiasana ity fandaharan'asa ity. Ho alefa any amin'ny evekanareo sy filohan'ny sampanareo ireo fitaovana amin'ny fiantombohan'ny volana Jiona. Tokony hanomboka hampiasa azy ireo avy hatrany ianareo raha vantany vao azonareo izy ireo.

Handray anjara amin'ny fiarahamientana izay hanampy anareo hatanjaka ara-panahy sy hianatra ary hanatanteraka ireo adidin'ny fisoronana sahaninareo ianareo amin'ny maha-diakona, sy mpampianatra ary mpisorona anareo. Samy manaraka ity rindran-damina tsotra manaraka ity ny asa atao tsirairay:

Voalohany dia **mianatra** fitsipiky ny filazantsara na adidin'ny fisoronana ianareo. Hitananareo izay tian'ny Ray any an-danitra hataonareo ary miezaka hahazo fijoroana ho vavolombelona ara-panahy ny amin'ny maha-zava-dehibe izany ianareo.

Manaraka izay, manao drafitra **hanatanterahana** ny zavatra nianarana ireo ianareo. Amporisihina ianareo hanangana ny drafitra araky ny zavatra ilainareo, sy ny toe-javatra iainanareo ary ny fahafahana anananareo hanompoana ny hafa. Fahafahana mahafinarity handraisana andraikitra entina hampivoarana sy hampitomboana ny fizakanareo tena ara-panahy izany.

Avy eo dia **mizara** ny zavatra nianarana ireo sy niainanareo amin'ny hafa ianareo. Rehefa manao izany ianareo dia hatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona anananareo ary hampitsiry

finoana ho an'ireo manodidina anareo koa ianareo. Hampitombo ny fahaizamaonareo amin'ny alalan'ny firesahana mikasika ny filazantsara amin'ny hafa koa ianareo.

Feno fankasitrahana tamin'ny zatovolahy iray izay nizara tamiko ity zavatra niainany manaraka ity aho. Notendrena hizara Fanasan'ny Tompo tamin'ny lehilahy iray izay tsy afa-mihetsika ao an-tranony sy marary mafy izay izy sy ny mpihazona ny Fisoronana Aharôna iray hafa. Tonga tao an-tranon'ity lehilahy ity izy ireo ary tsy nahalala izy ireo fa vao avy nahazo fitsaboana ity lehilahy ity izay mandrara azy tsy hihinan-kanina—eny fa na dia sombiny amin'ny mofon'ny Fanasan'ny Tompo aza. Taorian'ny fanamasinana ny mofo dia nanolotra ny Fanasan'ny Tompo tamin'ity lehilahy reraka dia reraka ity ireo zatovolahy. Nandray mofo izy, somary niandry kely, ary avy eo dia nakasiny ny molony izany. Nilaza ireto zatovolahy ireto rehefa nahita ity rahalahy mahatoky ity naneho ny fanajany ny Fanasan'ny Tompo, hoe toy ireny mahita ity lehilahy ity manoroka ny tongon'ny Mpamonjy izany izy ireo. Afaka nilaza izy ireo fa tia ny Tompo izany lehilahy izany.

Nahatsapa tamin'ny fomba tsy hay hadinoina ny lanjan'ny Fanasan'ny Tompo ity zatovolahy ity tamin'io andro io. Hahazo traikefa masina toy ny nitranga tamin'ity zatovolahy ity ianareo.

Mitazona anjara toerana manandanja eo amin'ity fandaharan'asa Adidy amin'Andriamanitra ity koa ny ray aman-dreninareo, ny mpitarika anareo ary ny mpikambana ao amin'ny kôlejy misy anareo. Ny fivorian'ny kôlejinareo isaky ny Alahady dia hanome anareo hafafahana tsy tapaka hianatra, hanatanteraka ary hizara. Hitarika ny dianareo amin'ny fanatanterahanareo ny adidinareo amin'Andriamanitra sy hahita ny hakanton'ny Fisoronana Aharôna ity fandaharan'asa vaovao Adidy amin'Andriamanitra ity.

### III. Fanatanterahana ny Adidinareo amin'Andriamanitra

Tamin'ny taona lasa dia nanao dia izay nanova mandrakizay ny fomba fahitako anareo sy ny Fisoronana Aharôna aho. Tsy andriko ny hahatsapanareo amin'ny tenanareo manokana ny zavatra tsapako. Hianatra ny antony



maha-zava-dehibe ny Fisoronana Aharôna eo amin'ny fiainanareo ianareo ary ny lanjan'izany eto amin'ny Fiangonana. Hankasitraka ny antony hiazana izany ho iray amin'ny “lohateny lehibe” ao amin'ny fisoronana ianareo (jereo F&F 107:6). Hahatakatra tsaratsara kokoa ny dikan'ny fanalahidin'ny fisoronana, ny asa fanompoan'ny anjely ary ny filazantsara fanomanana ianareo (jereo F&F 13; 84:26).

Tian'i Satana hieritreritra ianareo fa mbola kely loatra ianareo na vitsy loatra ianareo raha hanao zavatra manandanja amin'ny Fisoronana Aharôna. Tsy misy marina izany.

Ho anareo amin'izao andro izao ny tenin'Andriamanitra tamin'i Mosesy, hoe: “Ary indro, zanakalahiko ianao; . . . Ary manana asa ho [anao] Aho” (Mosesy 1:4, 6).

Nanome anareo ny Fahefany hanao zavatra lehibe Izy. Hihamatanjaka sy hitondra fitahiana ho an'ny fianakavianareo ianareo eo am-panatanterahana ny adidinareo amin'Andriamanitra. Ity no adidin'ny fisoronana lehibe indrindra ho anareo. Henoy ny fitantaran'ny reny iray mikasika ny fiantraikan'ny zavatra ataon'ny zanakalahiny eo amin'ny fianakaviany: “I Leo no manana ny fisoronana ao an-tokantranonay ary fitahiana lehibe tokoa izany. Ohatra tsara ho an'ny mpiray tampo aminy izy; . . . ataony izay hahazoana antoka fa mivavaka izy ireo. Mizara ny Fanasan'ny Tompo izy isaky ny Alahady. Mahita izany ny zandriny lahikely. Manampy . . . amin'ny vavaky ny mpianakavy izy. Fanatro fa hitohy ho fitahiana hatrany izy mandrapahalehibeny. Afaka hanao batisa ny zandriny lahy izy. Fanohanana

sy fanomezana ho anay izany.”

Eo am-panatanterahanareo ny adidinareo amin'Andriamanitra dia hahasrika ny namanareo izany tsy mpiray finoana amintsika ianareo ary hanampy azy ireo hiomana ho tonga mpiamban'ny Fiangonana. Toy ireo rahalahy mahatoky dia hiahy sy hanatanjaka azy ireo ianareo. Ho mpitarika amin'ny fanavotana ireo zatovolahy izay nivily tamin'ny lalany ianareo.

Eo am-panatanterahanareo ny adidinareo amin'Andriamanitra dia ho hery mitaona hanao ny tsara ianareo mandritra ny fotoana rehetra sy amin'ny toe-javatra iainana rehetra. Ny ohatra tsara sy ny asa fanompoan'ny fisoronana atao amim-pahatokiana dia ho fomba mahery vaika hanasana ireo izay mahafantatra anareo hanatona an'i Kristy.

Tao anatin'ny fotoan-tsarotra tantetraka no niandrandran'ireo Nefita an'ity lay zatovolahikely iray, dia i Môrmôna, mba ho mpitarika sy mpitaona fanahy azy ireo (jereo Môrmôna 2:1–2). Ankehitriny, mitodika aminareo izahay mba ho tanjaka lehibe eto am-piangonana ary hitaona fanahy hanao ny tsara eto an-tany. Izany no andrasan'ny Tompo aminareo.

### IV. Ho tonga Lehilahy Mahatoky ao amin'ny Fisoronana

Mijoro ho vavolombelona aho fa hahatsapa fiovana ao am-ponareo ianareo rehefa miezaka ny ho lehilahy mahatoky ao amin'ny fisoronana. Hikatsaka ny fomba rehetra hahatonga anareo ho madio tanteraka sy hikarakara ny Fanasan'ny Tompo amim-pahamendrehana ianareo. Haneho

hatsaram-panahy sy fanajana ireo zato-vovavy tsirairay ianareo. Hanaja ny ray aman-dreninareo ianareo. Hiala amin'ny faniratsirana ny Fanahy ianareo eo amin'ny eritreritrareo, ny fiteninareo ary ny zavatra ataonareo. Hahafantatra ny Tompo ianareo, ilay tompoinareo ary hiezaka ny ho tahaka Azy.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny asa fanompoana atao amim-pahatokiana ao amin'ny Fisoronana Aharôna dia hanova ny fiainan'ireo izay tompoinareo. Misy olona mila ny asa fanompoan'ny fisoronana ataonareo. Mila anareo ny fianakavianareo. Mila anareo ny kôlejy misy anareo. Mila anareo ny Fiangonana. Mila anareo izao tontolo izao.

Am-pahamehana no ilaina hanatanterahanareo ny adidinareo amin'Andriamanitra. Matoky aho fa hanao izany ianareo.

Indray maraina mamirifiry izay efa herinandro vitsivitsy lasa izay dia niha-zakazaka nanaraka ny Reniranon'i Tãgus tany Lisbon, Portugal aho. Tonga teo amin'ny tsangambato ho fahatsiarovana ireo mpikaroka tany vaovao Pôrtogety taonjato maro lasa aho. Nijanonona kely teo aho ary nahatsapa ny hafanan'ny masoandro vao miposaka nitaratra teny amiko sy ilay tsangambato lehibe. Nahazo aingam-panahy aho teo am-pijerena ny endrika vonon'ireto mpikaroka tany vaovao ireto izay mibanjina ny teny ampitan'ny rano. Izy ireo dia lehilahy vonona ny hanao zavatra izay vitsy no nahavita izany. Niala tamin'ny tontolo izay fantany sy nahatamana azy izy ary namakivaky ny ronomasimbe tsy fantatra tamin-kerimpo ary nahita tany vaovao. Nanova an'izao tontolo izao izy ireo.

Ianareo no hitako rehefa mieritreritra izany tsangambato fahatsiarovana misy ireto mpizaha tany vaovao be herimpo ireto aho. Ianareo no hitako manao dia manokana izay vitsy no misafidy hanao azy eto amin'ity izao tontolo izao ity ankehitriny. Ianareo no hitako eo am-panatanterahana ny adidinareo amin'Andriamanitra.

Mivavaka aho mba hahatakarantsika rehetra ny hakanton'ny Fisoronana Aharôna ary hahatoky, tahaka ny hatokisan'Andriamanitra, ireo izay mihazona izany. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

## Mitozoda ao amin'ny Faharetana

*Ny lesona ianarantsika avy amin'ny faharetana dia hanolokolo ny toetrantsika, sy hampisondrotra ny fiainantsika ary hampaharitra ny fabasambarantsika.*

Tamin'ny taona 1960, dia nisy mpampianatra tao amin'ny Oniversiten'i Stanford nanomboka nanao andrana ahitana ny finavian'ny ankizy efa-taona. Nasainy nipetraka teo anoloan'ny vatomamy gimaovy lehibe izy ireo ary dia nolazainy fa afaka mihinana izany avy hatrany na, raha toa ka afa-miandry 15 minitra, dia afaka hahazo gimaovy anankiroa.

Navelany irery teo ireo ankizy ary notazaniny taorian'ny fitaratra mahita avy any ambadika. Nisy tamin'ireo ankizy no nihinana ilay vatomamy gimaovy avy hatrany, ny sasany kosa niandry minitra vitsivitsy talohan'ny naharoboka azy tamin'ilay fakam-panahy. 30 isan-jato tamin'izy ireo ihany no nahavita niandry.

Fanandramana tsotsotra ihany izany ka dia niova sehatra hafa hanaovana fikarohana ilay mpampianatra, satria araky ny teniny dia “maro ireo zavatra azo natao mikasika ny ankizy miezaka ny tsy hihinana vatomamy gimaovy.” Nefa rehefa nandeha ny fotoana dia narahany maso hatrany ireo ankizy ary nanomboka nahatsikaritra fifandraisanjavatra izy: ireo ankizy izay tsy nahan-dry dia sahirana teo amin'ny fiainany taty aoriana ary nanana olana kokoa teo amin'ny toetrany, ary ireo niandry

kosa dia nanana toe-tsaina hivoatra sy nanana zotompo kokoa, ary nahazo nôty tsara kokoa sy tsara fidiram-bola kokoa ary nilamina kokoa teo amin'ny fifandraisany tamin'ny hafa.

Ilay fanandramana tsotsotra tany am-boalohany natao tamin'ny ankizy sy ny vatomamy gimaovy dia lasa valim-pikarohana manan-danja toa mamaritra fa ny fahaizana miandry—ny fananana faharetana—dia toetra iray manandanja izay hamaritra ny fahombiazana any aoriana eo amin'ny fiainana.<sup>1</sup>

### **Mety ho Sarotra ny Miandry**

Mety ho sarotra ny miandry. Fantatry ny ankizy izany ary torak'izany koa ny olon-dehibe. Miaina ao anaty tontolo izay ahitana toeram-pisakafoanana mandroso sakafo mora vita sy hohanina haingana dia haingana isika, ahitana fifandefasana hafatra eo no ho eo, sarimihetsika azo eo no ho eo, ary ahitana valiny avy hatrany amin'ireo fanontaniana faran'izay tsy manan-danja na faran'izay lalina. Tsy tia miandry isika. Ny tosi-dràn'ny sasany aza moa dia mora miakatra rehefa hitany fa ny filaharana misy azy any amin'ny trano fivarotana dia mandeha miadana kokoa mihoatra noho ny an'ireo izay manodidina azy.